



Naniraka ny Zanany mba hamonjy an'izao tontolo izao Andriamanitra

Ry Kristianina havana, tonga amin'ny ivon'ny DIA sy ny ADY isika amin'izao karemy 40 andro irosoantsika tsikelikely amin'ny fiainam-baovao izay andrandraintsika amin'ny Paka izao hanaovantsika “nouveau départ”, fiaingana vaovao vokatry NY FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA NY FITONDRAN-TENA entanin'ny safidy matotra hametraka an'I Jesoa ho ivon'ny fiainana sy eo anivon'ny fiainana, ho ivon'ny FIANAKAVIANA “EGLIZY KELY” ka hahatonga antsika ho EO

MISIONERA TABERNAKLA VELONA fa indrindra amin'izao isika miatrika ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 ary indrindra indrindra amin'izao taonan'ny vavaka ary eo ampanatanterahana ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY KEN 2024 izao

Vakiteny I : 2 Tant. 36, 14-16. 19-23
Tononkira : Salamo 136
Vakiteny II : Efez. 2, 4-10
Evanjely : Jo. 3, 14-21

Amin'izao Alahady faha-4 ny karemy izao dia abaribarin'Andriamanitra amintsika fa na dia manao akory ny toetrantsika na korontan-dava ny fiainantsika vokatry ny KRIZY LAVARENY dia tonga nanolotra ny ainy i Kristy ary vonona Izy hanavotra antsika sy hanolotra ny fahasoavany, handrindra ny zava-drehetra fa anjarantsika kosa ny miditra sy manaiiky handray ny fahasoavana avy Aminy, fahasoavana izay omeny maimaim-poana. Tonga tokoa I Jesoa ho FIAHAPANANTSIKA mba hampirindra amin'ny laonina indray ny fifandraisana rehetra mandrafitra ny mahaolona izay indrisy potika noho ny fahotantsika. Jesoa izay tsy nanota dia nanaiky ho fahotana mba hibaby ny fahotantsika. Raha atao amin'ny teny hafa dia tonga tokoa Izy HANARINA IREO POTIKA AMIN'NY FIFANDRAISANA FOTOTRA TELO MANDRAFITRA NY MAHA

OLONA. Io ny fanekem-pihavanana vaovao entin'ny Paka fandalovana, miala amin'ny korontana savoritaka ka miditra amin'ny lamina vaovao. Izany no azo amintinana ny tantaran'ny fihaonan'i Nikodema tamin'i Jesoa. Nanomboka nahatsapa i Nikodema fa i Jesoa no i Kristy ka nanantona mangingina an'i Jesoa izy satria te-hahafantatra ny marina momba Azy. Mpandalina sy mahalala ny Soratra Masina i Nikodema ka mahafantatra fa i Jesoa no mpanavotra an'Israely.

Fantatsika ny vokatry ny ady hevitra nataon'i Jesoa sy Nikodema, nambaran'i Jesoa azy ny tena marina nefa indrisy isika olombelona dia matetika jamba noho ny fiheverantsika fa mahalala sy mahavita tena noho ny fahaizana ananana. Matetika ny fiainantsika tsy mahita ny famonjen'Andriamanitra, tsy mahita ny fahasoavana atolotr'Andriamanitra antsika.

Tahaka izany koa ny hamaroan'ny zavatra izay manidy ny fontsika ka tsy misy toerana ho an'i Jesoa ao am-pontsika ary izany no nanjo an'i Nikodema. Na dia misy aza ny fampianarana mazava ataon'i Jesoa, matetika manentsina ny sofina isika tahaka an'i Nikodema na ny marimarina kokoa manidy ny fo ka tsy maheno sy tsy afaka mandray ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra ataon'i Jesoa amintsika. Impiry moa ny Papa no manao antso avo saingy indrisy toa antso any an'efitra...

Ry kristianina havana, ny vakiteny voalohany dia manampy antsika handinika ny tantaran'ny vahoakan'Israely. Raha mijery ny zava-misy iainantsika amin'izao fotoana izao isika dia azontsika ampifandraisina amin'ny dinidinika nataon'i Nikodema sy Jesoa koa ny nanjo ny vahoakan'Israely tamin'izany fotoana izany. Mametraka fanontaniana isika ankehitriny noho ny fahasahiranana-tsaina isan-karazany, noho ity Krizy maro lafy ity. Izany no nilazan'i Jesoa tamin'i Nikodema hoe : *Tahaka ny nanandratan'i Môizy ny bibilava tany an'efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'Olonan'ny Jesoa koa, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay* » (Jo. 3: 14 - 15). Ireo tenin'i Jesoa ireo manampy antsika hifikitra amin'ny finoana fa tsy hitady hanome tsiny an'Andriamanitra raha tojo zava-manahirana. Indraindray manko isika mieritreritra fa Andriamanitra no fototry ny fahantrana mangeja antsika sy ny fahababoana amin'ny lafiny maro. Impiry moa isika no "very fanahy mbola velona" voan'ny fakam-panahy ka mitady hihevitra fa ozon'Andriamanitra izao zava-misy izao. Tsia tsy ozona izao zava-misy izao fa isika no be siasia ka variana tsy mahita ny tena izy. Mila masom-pinoana izao androntsika izao. Izany no ambarantsika ao amin'ny fanatanterahantsika ny Kongresy Eokaristika rehefa manao prôsesio mamakivaky ny tanàna isika. Tsy "magie"na "teatra" anefa no ataontsika fa fanehoana ny finoantsika ka tahaka ny "bibilava varahina" rehefa nijery azy ny jody dia sitrana. Manantena sy matoky koa isika fa "ny fihavanana entin'i Kristy hanasitrana antsika...".

Ny vahoakan'Israely dia babo tany amin'ny faritra hafa, ary isika amin'izao vanim-potoana iainantsika izao koa dia azo lazaina fa resy sy babo ary mety hanome tsiny an'Andriamanitra noho ny zavatra iainantsika. Ao anatin'ny fahasahiranana sy fijaliana mafy isika ka mety mieritreritra fa ozona avy amin'Andriamanitra izany. Sanatria, Andriamanitra tsy maniry ny ratsy ho antsika. Tsy manozona na oviana na oviana Andriamanitra.

Manalavitra an'Andriamanitra ny vahoaka satria mivelona ny fahotana, tsy manaraka ireo teny folo izay novakiansika tamin'ny alahady fahatelon'ny karemy lasa teo. Ireo teny folo ireo no manadio ny fontsika. Rehefa manalavitra an'Andriamanitra isika, rehefa tsy ao am-pontsika Andriamanitra dia tsy mivelona ny fahamarinana, tsy mivelona ny fifankatiavana marina, tsy mivelona ny

fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny isika araka ny teny Folo fa ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny fiavonavonana sy fanilikilihana ny hafa no manjaka ka izany no fahotana manapotika ny fiainantsika ka lasa mifamono isika. Mamono ny aina avy amin'Andriamanitra sy ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ary ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary isika, mandrora mitsilany isika ka voan'ny ataontsika ihany ary farany tsy mandrora mitsilany fotsiny fa mamono tena. Izany no miseho amin'ireny tevy ala sy doro tanety ireny. Tena mamono taranaka tokoa. Ny LOZA INDRINDRA DIA MISY MAMONO NY KONSANSY, izany hoe mamono ny maha izy azy ka zary mivaona amin'ny tsy izy ny atao sy ny fiainana. Ny konsiansy manko tsy feon'ny fieritreretana fotsiny fa ny mahaizy azy ny olona ny konsiansy. Izany indrindra no mahatonga ny Papa manafatra amin'izao karemy izao hiverina amin'ny tena izy : olom-pinoana, olom-panantenana, olom-pitiavana. Mifandray tsara amin'ny fampianarana tian'ny vakiteny voalohany ampitaina amintsika androany io hafatry ny Papa io. Ny tantaran'ny vahoakan'Israely ambara amintsika eto dia zavatra iainantsika amin'izao fotoana sarotra diavintsika izao ihany koa izay tena mitaky finoana. Raha te ho sitrana isika dia tsy maintsy mijery, mandray an'i Jesoa. Izany no ataontsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia. Aoka hasongadintsika bebe kokoa izany amin'izao taonan'ny Kongresy ka ho latsapaka amin'ny fiainantsika dia ho Olondehibe amin'ny finoana isika

Nihaona tamin'i Jesoa i Nikodema ka nitady ny vahaolana. Ry Kristianina havana, aoka isika haniry hahita vahaolana, FANAFODY. Ary ny tena irintsika aza dia vahaolana vita fonosana tahaka ny an'i Nikodema eto. Mila manatona an'Andriamanitra isika ary izao ny fotoana tsara, hanatona hibebaka, mba havaozany ny fiainantsika. Tsy tanteraka izany tao amin'i Nikodema na dia nahatsapa izy fa i Kristy no làlana sy fahamarinana ary fiainana, tsy nanao ny dingana manko izy fa nijanona tamin'ny fanadihadiana ihany fotsiny hany ka tsy niroso. Aoka isika tsy hanao tahaka ny nataon'i Nikodema na dia fantany aza fa izay misy an'Andriamanitra no misy ny famonjena. Aoka ny fandalinam-pinoana ataontsika amin'izao Sinaody faha-7 sy ny fandalinam-pinoana ataontsika amin'ny fanomanana ny Kongresy Eokaristika tsy ho fandalinana an-kandrana tsara rafitra fotsiny fa hanampy antsika hihavao, hivelona ny fihavanana sady kristianina sy Malagasy.

MILA MANAO DINGANA ISIKA miala amin'ny korontam-piainana ka miroso amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Jesoa. Io no Paka ary io no tian'i Jesoa ho tsapan'i Nikodema ary hotsapantsika ihany koa. Azo lazaina fa io no foto-pampianarana amin'izao alahady izao. Dingana vokatry ny safidy ataontsika. Raha eo anivon'ny fiainantsika Andriamanitra, raha Andriamanitra no tompon'ny fontsika dia miova ny fiainantsika, miova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, amin'olombelona, amin'ny zava-boaary izany hoe mikatsaka ny rariny sy ny hitsiny sy ny fifankatiavana hatrany isika ka handresy an'ireo toe-piainana sy toe-panahy mitondra amin'ny fahafatesana sy fahalovana. Miala amin'ireny isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Mitaky safidy izany. Izany no ampianarin'i Jesoa an'i Nikodema raha nilaza ny bibilava varahina tandindon'ny hazo fijaliana. Raha mifidy ny finoana, mifidy ny mino isika dia velona, raha miala an'Andriamanitra kosa dia maty. Aoka isika hisafidy ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra, miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana, mifantsika miaraka amin'i Kristy amin'ny fahotana, mamono ny fahotana fa tsy mamono ny olona, mamono ny fitiavan-tena, mamono ny avonavona sy ny sisa rehetra fa mamelona kosa ny rariny sy ny hitsiny, mamelona ny fifankatiavana marina, mamelona ny fahamarinana dia izay no Paka ho antsika, izany no làlam-pamonjena. Izany no dikan'ny làlan'ny hazo fijaliana izay hodinihintsika amin'ny Alahady ho avy rehefa hanao ny pelerinajy any amin'ny "la montagne de français" isika. Manantena mafy

aho fa ho maro isika no tonga satria anisan' ny fijanonana lehibe amin'ny pelerinajy ataontsika miroso amin'ny Kongesy Eokaristika ny pelerinalin'ny lamontagne. Fijanonana voalohany ho antsika, manaraka ny Messe Chrismale sy ny Ordination ary mitohy hatrany avy eo. Ny irintsika dia ho zary lalan'ny hafaliana ireo fijanonana ireo. MAMONO NY FAHOTANA ISIKA KA VELONA INDRAY AO AMIN'I JESOA NITSANGAN-KO VELONA KA ZARY EO V MISIONERA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Aoka isika hanararaotra izao fotoana izao, hanararaotra ny pelerinajy hidirantsika amin'ny fiainambaovao. Aza manao toy ny an'i Nikodema isika fa hanao tahaka an'ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy toa an'i Victoire Rasoamanarivo, Renim-pianakaviana, toa an'i Lucien Botovasoa Olontsambatra Raim-pianakaviana. Mila Ray izao tontolo izao, Mila Baba ny fianakaviana, hoy ny Papa ka aoka tsy hanao tahaka an'i Nikodema isika tompon'andraikitra rehetra isan-tsokajy fa ho tahaka ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy.

Tsy ny fahaverezantsika ho rendrika ao anatin'izao krizy izao no tadiavin'Andriamanitra fa ny hahavonjy antsika hahazahoantsika ny tena fiainana. Naniraka ny zanany Andriamanitra hamonjy an'izao tontolo izao ka anjarantsika ny mandray azy sy mametraka azy ao am-pontsika. Izany ny ady ataontsika dia ny ady amin'ny ratsy. Hazofijaliana ho antsika izany ka ataontsika am-pinoana satria mitondra famonjena ho antsika.

Ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa fa fony mbola matin'ny fahotana isika dia ny fahasoavana no nialoha làlana antsika ka matokia isika fa na dia eo aza ireo fahoriana sy fijaliana tahaka ny nanjo ny vahoakan'Israely nandritra ny fahababoana dia natoky an'Andriamanitra izy ireo ka nahazo ny famonjena. Aoka hanana fahatokisana an'Andriamanitra koa isika na dia eo aza ny fahoriana vokatry ny fiainana tsizarizary. Hitoetra ao amin'i Kristy isika amin'izay dia hahazo ny fiadanana ao Aminy.

Ry Jesoa Kristy Tomponay tsy mba manameloka lanao fa tonga eto aminay hamonjy anay koa enga anie izahay hifantsika Aminao izany hoe hiala amin'ireny toe-piainana mitondra fahafatesana ireny ka hifikitra Aminao. Lanao no tompon'ny fonay, ianao no eo anivon'ny fiainanay, lanao no làlana sy fahamarinana ary fiainana ho anay ka dia hiova tokoa ny fiainanay. Amin'izay dia hamokatra ny fiainanay, hamokatra fiadanana, fifaliana, fihavanana marina ka hihavana amin'Andriamanitra izahay, hihavana amin'ireo manodidina anay, hihavana amin'ny zava-boahary ka hahazo ny famonjena nampanantenainao. Lanao ry Jesoa no Fihavanana ilay fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao. Masina Maria Reny, Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany tsy miafina aminareo ny fiainana atrehinay, mivavahà ho anay mba ho sahy hanao ny dingana izahay fa tsy ho tahaka an'i Nikodema. Tantano ny dianay miroso amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly Ken 2024. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason